

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

YRE 102 FAMPIANARANA EO ANIVON'NY SEKOLY SABATAN'NY TANORA  
Fandaharam-Potoanan'ny Ivon-Toeram-Pianarana Manerantany Ho  
An'ny Asa Fanompoana Kristiana

Nosoratan'i Gary B. Swanson, M.A.

FIZAHAN-TAKILA

FAMARITANA SY FAMPAHAFANTARANA

Famaritana Fohy

Ny Tanjon'ny Fampianarana Amin'ny Ankapobeny

Ny Zavatra Takiana Amin'ny Fampianarana

Ny Boky Filankevitra

Naoty Ho An'ny Mpampianatra

NAOTY HO AN'NY FAMPIANARANA

FAMPIDIRANA NY FAMPIANARANA SEKOLY SABATA

Tanjona

Fitadiavana Hevitra Vaovao

NY ANDRAIKITRY NY MPAMPIANATRA

Tanjona

Fianarana Mavitrika

Famantarana Sy Fametrahana Izay Ilain'ny Tanora

FAMPIANARANA TAHAKA NY NAMPIANARAN'I JESOSY

Tanjona

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Inona No Mety Ho Nataon'i Jesosy?

Fanontaniana Fametraka Matetika

MIFANTOKA AMIN'NY IVON'NY FAHAMARINANA

Tanjona

Mamantatra Ny Ivon'Ny Fahamarinana

NY FAMPIASANA NY SORATRA MASINA

Tanjona

Mandalina Ny Tenin'Andriamanitra

Mitaona Ny Mpianatra Ho Amin'Ny Soratra Masina

HETSIKA FIFANAKALOZANA

Tanjona

Mianatra Amin'ny Alalan'ny Fanaovana

Firahalahiana

MAMORONA FANONTANIANA TSARA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

Tanjona

Ny Fomba Fametrahan'i Jesosy Fanontaniana

Ny Maha-Zava-Dehibe Ny Fanontaniana Hifanakalozan-Kevitra

BOKY FILAN-KEVITRA

TAKILA FANAMPINY

TENY FAMARANANA

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

FAMARITANA SY FAMPAHAFANTARANA MAHAKASIKA ILAY FAMPIANARANA

FAMPIANARANA NY SEKOLY SABATAN'NY TANORA

Fandaharam-Potoanan'ny Ivon-Toeram-Pianarana Manerantany Ho  
An'ny Asa Fanompoana Kristiana

Nosoratan'i Gary B. Swanson, M.A.

Famaritana Fohy

Ity fampianarana ity dia mikatsaka ny hanolotra drafitra mahakasika ny sasany amin'ireo filàna hita avy hatrany, hampivelarana fampianarana mahomby eo anivon'ny Sekoly Sabata. Amin'ny alalan'ny fifantohana kokoa miala amin'ny fampianarana ho amin'ny fianarana, no hampidirany ny mpampianatra eo andalam-pianarana amin'ny karazana hetsika sy fanazarantena izay hamantarany ny tena votoatin'ny fampianarana sady hanehoany ny fomba fanatantehana azy. Tsy ny fiovana arabakiteny izay tsy maintsy tanterahany ihany no aseho ny mpianatra, fa ampidirina ao anatin'ireo fomba fiasa amin'izao fotoana izao ihany koa izy, izay efa ampitandrem'an'ity fampianarana ity mialoha.

Tanjon'ny Fampianarana Amin'ny Ankapobeny

Ny mpianatra amin'ity fampianarana ity dia:

- Hamantatra karazana fomba fanatsarana ny fianarana ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata.
- Hitady fomba ahafahany mametraka ireo fomba fiasa vaovao eo amin'ny fianarana ireo.
- Hanapa-kevitra hametraka ny fitsipiky ny fianarana hifanakalozana araka ny Soratra Masina.

Ny Zavatra Takiana Amin'ny Fianarana

1. Fahatongavana ara-potoana, fahatongavana tsy tapaka.

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

2. Fandraisana anjara amin'ny tetikasa fianarana hifanakalozana rehetra.
3. Famakiana ireo boky filan-kevitra ho loharano fanamafisana.

Boky Filan-kevitra

"Creative Bible Teaching" (Chicago: Moody Press, 1998)  
nosoratan'i Lawrence O.Richards sy Gary J.Bredfeldt

Naoty ho an'ny Mpampianatra:

Ity fandaharam-pampianarana ity dia manana fitaovana izay toa azo ampiasaina kokoa noho ny fitaovana fampiasa amin'ny fotoanan'ny "IICM". Fidio ary ampiasao izay tena ilaina sy mifanaraka indrindra amin'ny zava-misy eo aminareo.

### **NAOTY HO AN'NY FAMPIANARANA**

#### **FAMPIDIRANA NY FAMPIANARANA SEKOLY SABATA**

##### **I. Ny Tanjona**

Ny mpianatra dia:

- Hamantatra hevitra vaovao mahakasika ny fanabeazana ara-pivavahana, izay hanitatra ny fomba fijeriny ny zavatra kendren'Andriamanitra amin'ilay fanandramana azo avy amin'ny fianarana.
- Hanokatra ny fony ho amin'ny toromarika vaovao amin'ny fampianarana eo anivon'ny Sekoly Sabata.
- Hizara ny zavatra asetriny ireo toromarika vaovao eo anivon'ny Sekoly Sabata ireo.

##### **II. Fitadiavana Hevitra Vaovao**

Mizarà dika mitovy amin'ny "Hevity" (Jereo any amin'ny Takila Fanampiny) ho an'ny mpandray anjara tsirairay avy. Asaivo mamaky ireo teny notsongaina ao anatin'io taratasy io izy ireo ary misafidy teny iray izay hitany fa mitondra fihaikana indrindra ho an'ny mpampiantry ny Sekoly Sabata

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

amin'izao fotoana izao. Mangataha olona terem-panahy hizara ny safidiny, ary resadresaho ao anatin'ny tarika izany.

Indray andro dia nisy pasitora mpilaza zavatra mifanohitra, namaritra ny karazana fanabeazana ara-pivavahana amin'izao fotoana izao ho toy ny "fampisesehana ny ankizy madinika ao anaty efitrano kely iray ary mampianatra azy ireo tsy ho tia an'Andriamanitra."<sup>1</sup> Indrisy fa marina tokoa izany any anivon'ireo Sekoly Sabata maro manerantany, any amin'ireo toerana izay ahitan'ny ankizy sy ny tanora fa ny fitondrantena dia mbola manan-danja kokoa noho ny fianarana; ary raha mitondra tena tsara ihany izy ireo vao liana aminy Andriamanitra.

Ity fampianarana ity dia hanitatra ny sainao ary hanampy anao hamantatra toromarika tena vaovao ho an'ny mpampianatry ny Sekoly Sabata. Azo antoka tokoa fa ny Sekoly Sabata dia tokony ho toerana hihaonan'ny tanora amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fanehoana amin'izy ireo ny zava-mahagaga amin'ny Teniny sy ny tontolony.

### **NY ANDRAIKITRY NY MPAMPIANATRA**

#### I. Tanjona

Ny mpianatra dia:

- Haminavina ny andraikitry ny mpampianatry ny Sekoly Sabata ao anatin'ilay dingana fianarana.
- Handalina ny filàn'ny tanora, izay fototra hiaingana amin'ny fanomanana ny Sekoly Sabata.
- Vonona hisaintsaina hatrany ny filàn'ny mambran'ny Sekoly Sabata, eo am-piomanana ho amin'ny fampianarana.

#### II. Fianarana Mavitrika

Mizarà dika mitovy amin'ny "Ny Mpampianatra Dia Tahaka Ny..." (jereo any amin'ny Takila Fanampiny) ho an'ny mambra tsirairay avy ao anaty kilasy. Mariho fa

misy dika roa mitovy amin'io hetsika io isaky ny taratasy iray. Zarao roa avy eo amin'ny atsasany avokoa ny taratasy rehetra mialohan'ny hizaràna azy.

Omeo fotoana hamitana izany hetsika izany ny mambran'ny kilasy tsirairay avy. Asaivo misy olona terem-panahy amin'izay hanazava ny valiteniny. Hamarino ny valiny tsirairay avy, samy manana ny maha-zava-dehibe azy avokoa izy rehetra farafaharatsiny. Resaho ny tombotsoan'ny tsirairay avy amin'izany.

Ny ankabeazan'ny valiny mety ho hita amin'io hetsika io dia manana ny lanjany manoloana ny andraikitry ny mpampianatra: (a) ny mpampianatra dia tahaka ny mekanika ao anaty fiara satria izy ireo no mandanjalanja tsara ny sain'ny mpianatra, tahaka ny fandanjaljanjan'ny mekanika ny milina ao anaty fiara; (b) ny mpampianatra dia tahaka ny mpanao zaridaina, satria izy mikolokolo ny mpianatra tahaka ny fomba fikolokoloan'ny mpanao zaridaina (izany hoe, mamboly, manondraka, manisy zezika, mandrantsana, sns.) ny voly eo an-dalampanirina; fantatry ny mpampianatra ny lanjan'ny mpianany ka volavolainy izy ireo amin'ny alalan'ny fomba mitovy amin'ny fahitan'ny mpanao sary sikotra ny zavatra mety ho vita amin'ny akora hananany (oh: vato, hazo, sns.) ary volavolainy izany ho tonga asa sikotra vita.

Na izany aza anefa, mariho ihany fa ny mpianatra ao anatin'ireo ohatra ireo dia tsy mandray anjara fa manatrika fotsiny, ary izay ataon'ny mpampianatra dia manan-danja kokoa noho izay ataon'ny mpianatra. Ny ohatra tsara kokoa rehefa mianatra zavatra dia izay ahitana fandraisana anjara mavitriky ny mpianatra eo andalam-pianarana. Ny olona mpitondra mpizahatany ohatra dia mety mahafantatra ny fomba ahatongavana any amin'ny tanjona iray sady manao izay ahitana zavatra

maro, fa ny mpizahatany izay entina kosa no manapakevitra ny amin'izay toerana tiany aleha sy mifidy izay mpitari-dalana mifanaraka amin'izany. Rehefa aorianakely izy ireo dia mila mampitombo ny zavatra hananany sy ny heriny mba ahavitany ilay dia. Ny mpitarika orkestra iray dia afaka miomana amim-pahazotoana hiatrika fampisehoana iray, afaka mandalina tsara ny mozika, afaka miventy amin'ilay hazokely fiventesana hira amim-pahavitrihana, kanefa raha tsy mandray anjaramavitrika ny mpitendry rehetra dia tsy hisy mozika hivoaka.

Any amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata rehetra, ny zavatra izay ataon'ny mpianatra dia tokony hanan-danja lavitra mihoatra noho izay ataon'ny mpampianatra! Ny hianatra no tanjona fa tsy ny hampianatra.

### III. Fiezahana Mamantatra Sy Manamarina Ny Zavatra Ilain'ny Tanora

Anisan'ny tanjona iray manan-danja indrindra ho an'ny mpampianatra ny manolotra izay zavatra ilain'ireo sokajin-taona ampianariny. Ny mpampianatra ao amin'ny kilasy ho an'ny olona 60 taona dia tsy hanolotra azy ireo izay zavatra mahaliana azy raha toa ny resany ka mifantoka amin'ny lohahevitra mahakasika ny olona faka tahaka sy mahery fo. Ny mpampiantry ny tanora dia tsy hahazo tombony amin'ny fandaniana fotoana be mahakasika ny resaka rarintsaina vokatry ny fahalehibiazana.

Ireo mpanao fikarohana mahakasika ny ankizy dia nahita maro tamin'ireo zavatra manokana mahasarika ny tanora ankehitriny, ary atrehany.

Mizarà dika mitovy amin'ilay "Ny Zavatra Ilain'ny Tanora"<sup>2</sup> (Jereo ny Appendix) ho an'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy, asehoy eny aloha amin'ny alalan'ny "retro-projecteur" (fitaovana mitaratra amin'ny rindrina)io taratasy io, na soraty eny amin'ny

solaitrabe. Mariho fa misy dika roa mitovy amin'io hetsika io eo amin'ny taratasy tsirairay avy. Zarao roa ilay taratasy raha toa ka hozarainao ao an-dakilasy ilay izy. Vakio amin'ny feo mafy ireo lisitry ny filàna ary hifanakalozy hevitra ny amin'ireto manaraka ireto:

- Araka ny hevitrao, amin'ny fomba ahoana no ahafahana mampifandraika ny lohahevitra tahaka ireto amin'ny fandalinana ny Baiboly?
- Ahoana no fomba ahafahan'ny mpampianatra mandanjalanja ny fiarahan'ny Soratra Masina sy ny filàn'ny tanora?
- Inona no valiny omenao ny olona izay milaza fa ny kilasin'ny Sekoly Sabata dia natao handalinana ny Soratra Masina, ary any an-toeran-kafa no tokony hiresahana ny filàn'ny tanora?

Zarao ho tarika roa na telo ny kilasy. Omeo roa na telo amin'ireo zavatra ilain'ny tanora izay ao anatin'ny lisitra ao amin'ny "Ny Filàn'ny Tanora" ny tarika tsirairay avy, ary asaivo mampiasa ny Baiboliny izy hampivelarana fandalinana ara-Baiboly fanampiny ho an'ny iray amin'ireo filàna ireo. Afaka manome kônkôrdansy ampiasain'izy ireo ianao.

Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany hetsika izany izy ireo dia miantsoa olona terem-panahy maro hizara izay fomba hahaizany mampifandray ny fandalinana ara-Baiboly amin'ny iray amin'ireo lohahevitra nomena ireo.

Koa satria manaraka tari-dalana efa vita mialoha ny fitaovana rehetra ampiasaina ao amin'ny Sekoly Sabata, dia ny foto-pinoana no tena tsindriana matetika. Rehefa manomana drafitra ho an'ny lesona ny mpampianatra dia tokony

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

hosaintsaininy mandrakariva ny zavatra ilain'ny mpianatra, ary mitady fomba izay hampifandraisana ny lesona mahakasika ny foto-pinoana amin'ny zavatra izay ilain'ny tanora.

"I Jesosy dia nampiasa teny sy tohan-kevitra izay mety ho azon'ny olona sy nazava taminy; nihaona tamin'ny vahoaka Izy, ary ny teny fampiasan'izy ireo ihany no nampiasainy, teny amin'ny toerana nahazatra azy ireo, niaraka tamin'ny fomba fihevitr'izy ireo. Ho tonga mpampianatra tsara kokoa ny maha-Kristiana isika ary ho mpijoro vavolombelona tsara kokoa ho an'i Kristy, rehefa mianatra manao tahaka izany."<sup>3</sup>

Mangataha olona terem-panahy hamaky mafy ny Jakoba 1:22. Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

- Araka ny hevitrao manokana, inona ho tian'ity andininy ity ambara raha ampifandraisina amin'ny fianarana ao amin'ny Sekoly Sabata?
- Manao ahoana ny fankatoavana ny fampiharana ny zavatra nianarana, tany amin'ny ankabeazan'ny kilasin'ny Sekoly Sabata izay nandehananao?

"Tsy maintsy aseho amin'ny alalan'ny asa atao, ny teny filamatra. Ny hafatra Kristiana dia tsy zavatra natao hodinihina amim-pahanginana fotsiny, na fizarazarana ny efitrano fianarana, na fampiasana saina atao mandritry ny fifanakalozan-kevitry ny iray tarika. Izy io dia zavatra izay tsy maintsy hiainana eo amin'ny fiainana andavan'andro."<sup>4</sup>

Ny ampahany amin'ny fampiharana ny fandalinana ara-Baiboly dia manana tanjona efatra:

A. Tokony hifandraika amin'ny tanjona ilay izy.

- B. Tokony hanampy ny mpianatra hamantatra ireo fiantraikan'ny fahamarinana eo amin'ny fiainany isan'andro.
- D. Tokony hitarika azy ireo hanolotena hanao hetsika.
- E. Tokony hitondra ny fandalinana ara-Baiboly ho amin'ny tsoa-kevitra iray izay mifanaraka amin'izany.

### **MAMPIANATRA TAHAKA NY NAMPIANARAN'I JESOSY**

#### **I. Tanjona**

Ny mpianatra dia...

- Hamerina hijery indray ny fiainan'i Jesosy izay nahitana taratratra ny fomba nahazoan'ny Mpamony ny eritreritra sy ny fon'ireo mpihaino.
- Ahita fa ny fomba fampianaran'i Jesosy dia mifanohitra amin'izay fahita amin'ny fiainana andavan'andro.
- Hanolotena hamantatra be be kokoa ny amin'ny endriky ny fampianaran'i Jesosy.

#### **II. Inona no mety ho nataon'i Jesosy?**

Hizarao dika mitovy amin'ny "Mampianatra Tahaka Ny Nampianaran'i Jesosy" (Jereo ny Appendix) ny mpandray anjara tsirairay avy. Omeo fotoana hitadiavana ohatra telo mahakasika ny fomba nampianaran'i Jesosy. Rehefa vitan'izy ireo izany dia asaivo misy olona iray terem-panahy mitanisa izay zavatra hitany, ary takiana aminy ny fomba fampianarana nosintonina avy amin'ny fiainan'i Jesosy sy ny andininy fototra nakana izany tao amin'ny Soratra Masina. Amporisiho ny mambran'ny kilasy hanampy ny lisitr'izy ireo amin'ny alalan'ireo fomba izay hitan'ny hafa, mandrapahafenor'ny taratasin'izy ireo.

I C.S.Lewis, izay noheverina tamim-pahazoana antoka tanteraka fa mpitarika ny fiarovana ny Kristiana teto amin'izao tontolo izao tamin'ny taonjato farany teo, dia nanambara izao zavatra izao momba ny fampianaran'i Jesosy:

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

"Mety hitantsika fa ny fampianaran'ny Tompontsika, izay tsy nahitana tsy fahalavorariana, dia tsy natolotra antsika tahaka ny zavatra aseho araka ny efa nanomanana azy, na zavatra azo antoka fa tsy maintsy mahomby, na fisehoana mahazatra ivelany izay efa nantenantsika na niriantsika. Tsy nanoratra boky Izy. Teny notaterina ihany no ananantsika, ny ankabeazan'izy ireny dia valim-panontaniana, narindra hifanaraka amin'ny lohahevitra misy azy. Ary rehefa nanangona azy rehetra ireny isika dia tsy afaka manala zavatra avy aminy mba ahatonga azy ho vondrona iray. Nitoy teny Izy fa tsy nampianatra.

Nampiasainy ny fampitahana zavatra mifanohitra, ny ohabolana, ny filazana ohatra diso tafahoatra, ny fanoharana, ny filazana izay mifanohitra amin'ny tena tiana ambara, eny hatramin'ny fanamarihana mampiomehy mampiasa saina aza.(Tsy hoe akory tsy misy fanajana.) Namoaka oha-pitenenana Izy, tahaka ny ohabolana malaza, izay raha raisina amim-piheverana tsara dia toa mifanohitra. Tsy hoe ny maranitsaina ihany izany no mahazo ny fampianarany, ary tsy afaka 'hajoro' tahaka ny 'zavatra azo tsapain-tanana ilay izy'. Raha manandrana manao izany isika dia ho mpampianatra sarotra indrindra no fahitantsika Azy. Tsy dia manome valiny mahitsy ho an'ny fanontaniana mahitsy mihitsy Izy. Tsy ho hita Aminy mihitsy ilay fomba tiantsika manao hoe 'mahitsy avy hatrany'. Ny zavatra ataony dia tahaka ny (Tsy hoe akory tsy misy fanajana.) miezaka mampiditra taromasoandro ao anaty tavoahangy."<sup>5</sup>

Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

- Ambarao amin'ny teny roa na telo monja hoe manao ahoana ny fahitanao ny endriky ny fomba fampianaran'i Jesosy?
- Araka ny hevitrao, manao ahoana ny fahasaratana'ny fampitoviana ny fampianaranao amin'ny an'i Jesosy?

- Araka ny hevitrao, inona no zavatra iray azonao atao amin'ny Sabata manaraka, hanovana ny fomba fampianaranao hitovy kokoa amin'ny an'i Jesosy?

I Perry G.Downs izay manam-pahaizana manokana momba ny fanabeazana ara-pivavahana dia nanampy izao fomba fijeriny izao: "Ny fampianarana mahomby dia mitaky karazana fomba, miankina amin'ny zavatra ampianarina, amin'ny mpianatra, amin'ny tranga-javatra... Hita fa i Jesosy dia toa nanome lanja kokoa ny fampianarana tsy be fombafomba fa tsy ny be fombafomba... Ny fampianarana be fombafomba dia toa tsy dia mahomby raha oharina amin'ny fampianarana tsotra, eo amin'ny fanampiana ny ankizy hisondrotra amin'ny dingana ambony kokoa amin'ny fianarana. Ny dangan'ny fampiharana sy ny fametrahana izay nianarana dia mizotra tsara rehefa ny fampianarana tsy be fombafomba no atao. Ny fifandraisana misy amin'ny fampianarana tsy be fombafomba dia tena mahery kokoa noho ny fomba fampianarana izay be fombafomba sady voafetra."<sup>6</sup>

Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

- Inona no famaritana omenao ny fampianarana "be fombafomba" sy ny "tsy be fombafomba", araka ny fanehoana azy anaty farango sosona tahaka izao?
  - Inona no zavatra iray azonao atao amin'ny Sabata manaraka izao mba ahatonga ny fampianaranao ho tsy be fombafomba?
- III. Mametraka Fanontaniana Matetitetika
- Soraty eny amin'ny solaitrabe, na amin'ny taratasy lehibe, na amin'ny "retro-projecteur" ireto fanontaniana manaraka ireto:
- Inona no maha-zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny fiangonana manerantany amin'ny fandaharam-pampianarana iray iraisana?

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

- Maninona moa isika raha mandalina ny momba an'I Jesosy fotsiny ary avela ho an'ny manam-pahaizana ny teolojia sy ny foto-pinoana?

Isaky ny misy resaka atao mahakasika ny fampandrosoana ny Sekoly Sabata dia ireo fanontaniana roa ireo no mipetraka matetika.

Zarao ho tarika telo na efatra ny iray kilasy, asaivo mandinika ilay fanontaniana voalohany ny atsasaky ny tarika, ary ilay fanontaniana faharaoa kosa no an'ny atsasany. Omeo kônkôrdansy izy ireo ary asaivo mampiasa ny Baiboliny avy ny isan-tarika mba handrafetany ny valin'ny fanontaniana napetraka taminy, ka tohanana amin'ny andininy ara-Baiboly ny valiteniny.

Rehefa ampy ny fotoana nanaovan'izy ireo izany fanazarantena izany dia mangataha olona iray terem-panahy isan-tarika hanao ny tatitry ny zavatra hitan'izy ireo. Alaharo eo amin'ny solaitrabe, na amin'ny taratasy lehibe, na amin'ny "retro-projecteur" ny valitenin'izy ireo.

Hifanakalozy hevitra izao manaraka izao:

- Araka ny hevitrao, manao ahoana ny maha-zava-dehibe ny foto-pinoana iraisana amin'ny fiangonana maneran-tany?
- Inona no fomba tsara indrindra hampitomboana ny foto-pinoana iraisana eo amin'ny fiangonana maneran-tany?

## MIFANTOKA AMIN'NY IVON'NY FAHAMARINANA

### I.Tanjona

Ny mpianatra dia:

- Hahatakatra ny antony mahatonga ny mpampianatra tsy tokony hifantoka amin'ny "fiezahana mamita ny lesona iray manontolo".
- Hanoratra ohatra mifandraika amin'ny tanjona tsirairay avy eo amin'ny fianarana (mahafantatra, mahasapa, ary manao fampiharana)
- Manolotena hifantoka kokoa amin'ny tanjona izay mihoatra lavitry ny fahalalana kely.

## **II. Mamantatra ny Ivon'ny Fahamarinana**

Mangataha terem-panahy iray hamaky mafy ny Jaona 16:12.

Hazavain'i Jesosy amin'ireo mpianany ao amin'io andininy ara-tSORATRA Masina io fa tsy mbola vonona ho amin'ireo zavatra sasany izay azony zaraina amin'izy ireo ny mpianatra. Nasehony tanteraka ihany koa ny fitsipika izay maneho fa zavadehibe kokoa ny fianarana mifantoka amin'ny zavatra tena manan-danja, ka tsy tokony hanolotra zavatra be loatra ny mpampianatra.

"Ny fanomezana zavatra be loatra indray mandeha dia tahaka ny fandefasana sarimihetsika iray lava be atao faran'izay haingana be. Mety ho vita ao anatin'ny fotoana fohy izy rehetra saingy very avokoa ny tena akony.... Ny *fianarana* zavatra iray dia manan-danja kokoa noho ny *fiezahana mianatra* ny zava-drehetra."<sup>7</sup>

Firy aminareo no efa naheno mpampiantry ny Sekoly Sabata nitaraina hoe tsy ampy ny fotoana hamitana ny lesona? Fanamarihana efa mahazatra izany, ary izy io matetika dia mivoaka avy amin'ny mpampianatra izay mihevitra fa tsy maintsy "mamita" ny lesona iray manontolo izy. Mba hevero kely ao anatin'ny iray minitra anefa ny amin'izany: Ahoana no fomba ahavitan'ny olona iray milaza izay voalazan'ny lesona iray manontolo?

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Ny valin'io olana io dia ny fialana amin'ny fiheverana fa ny leson'ny Sekoly Sabata iray manontolo dia tsy mantsy vitaina daholo. Izao no nambaran'i Ellen White: "tsy misy tsara toy ny famitana ny lesona iray manontolo."<sup>8</sup> Azo antoka fia zao no tiany ambara tamin'izany: (a) ny fianarana ny Soratra Masina dia asa atao mandritry ny androm-pia inana; ary (b) ny mpampianatry ny Sekoly Sabata dia mila mifantoka amin'ny foto-kevitra izay mety ho voadinika ao anatin'ny fotoana nomena azy ireo.

Aoka tsy hiezaka hamita ny lesona iray manontolo araka ny fanehoana azy ao anatin'ny Tari-dalana Fianarana Ny Baiboly ny mpampianatra, fa hifidy zavatra iray izay nambaran'ny mpanabe ara-pivavahana ho "hevi-dehibe", heverin'izy ireo fa azon'ny mpianatra tsoahaha avy amin'ilay fandalinana Baiboly. Io foto-kevitra lehibe io dia tokony hifototra amin'ny zavatra ao anatin'ny Soratra Masina sy izay zavatra ilain'ny mpianatra. Raha vao manomboka ny fanomanany mihitsy ny mpampianatra dia tokony hanontany tena hoe: Inona moa no zavatra ilain'ny mambra ao amin'ny kilasy misy ahy hianarana amin'ity fandalinana ara-Baiboly ity? Inona no tanjona tokony tratrarina amin'ny fianarana ity lesona ity?

Ny tanjona mirafitra mazava tsara dia tokony ahitana ireto singa telo izay voalaza manaraka ireto:

- Ny zava-bitan'ilay mpianatra mianatra
- Ny ny marika amantarana ny mpianatra mianatra.
- Ny hevi-dehibe ampianarina.

Izany no fomba mety ahafahana mitadidy ny singa ilaina amin'ny tanjona eo amin'ny lesona. Ny "dingana vita" no manamarika ny fahaiza-manao izay andrasana avy amin'ny mpianatra. Ny "marika famatarana" dia ny fitondrana tena hita miavaka izay andrasana asehon'ny mpianatra. Ary ny "hevi-

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

dehibe" mazava ho azy, dia ny loha-hevitra lehibe izay resahina amin'ny mpianatra.

Ohatra: Hitanisa fomba efatra ny mpianatra ahafahana "manajà ny ray sy reny."

Amin'io tanjona io ny dingana vita dia ny "fomba efatra", ny marika famantarana dia ny "lisitra" ary ny hevi-dehibe dia ny fanajana ny Ray aman-dreny.

Raha vao voafehy ireo singa telo hanatrarana tanjona ireo, dia misy karazana tanjona telo izay tokony hosaintsainan'ny mpampianatra hatrany: mamantatra (fahalalana ao an-tsaina); mahatsapa (fahalalana ao am-p), mapihatra (hetsika ratabana).

Mba hanamarinana ny mahasamihafa ireo karazana dingana telo ireo dia zarao ny dika mitovy amin'ny "Ireo Karazana Tanjona Telo amin'ny Lesona" (jereo any amin'ny Takila Fanampiny)ho an'ny membra tsirairay avy ao anaty kilasy. Mariho fa misy dika mitovy roa amin'io hetsika io eo amin'ny taratasy tsirairay avy. Zarao roa ilay taratasy mialohan'ny hizarana azy.

Rehefa ampy ny fotoana namitan'ny kilasy ny andraikitra napetraka taminy, dia vakio mafy ny tanjona tssirairay avy ary saivo milaza izay heviny ny kilasy manontolo. Valiny: 1. Mahatsapa; 2. Mamaly; 3. Mahafantatra; 4. Mahatsapa; 5. Mahafantara; 6. Mamaly. Rehefa mamebelatra an'io hetsika io dia tokony ahatakatra tsar any fahasamihafana misy eo amin'ireo karazana tanjona telo ireo ny iray kilasy.

Indrisy anefa fa ny tanjona mifantoka amin'ny "mahalala" ihany no ampiasaina amin'ny ankabeazan'ny resaka atao ao amin'ny Sekoly Sabata sy ny Fandalinana ara-Baiboly. Izany no mitranga satria mora kokoa ny mamantatra raha toa ny mambra ao anatin'ny kilasy ka nahatratra an'io tanjona io. Ireo karazana

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

tanjona hafa kosa anefa dia manan-danja kokoa: "mahatsapa" sy "mamaly."

Ny fandalinana ny Baiboly dia sady fampahafantarana no fanovana. Sady natao ho an'ny Saina izany no natao ho an'ny Fo. Raha toa isika ka tsy miova vokatr'izay ianarantsika ao anatin'ny Baiboly, dia nandray anjara tamin'ny fampiasana saina tsotra fotsiny ihany izany isika. Noho izany, amin'ny maha mpampianatra ny Sekoly Sabata antsika, dia tokony ahatsapa ho voatosika isika andeha lavitra mihoatra ny fahalalana fotsiny. Tiantsika hiova ny membra ao anatin'ny kilasintsika, amin'ny alalan'ny zavtra izay hianarantsika.

Mba hanomezana fampiharana ho an'ny kilasy mahakasika ny tanjona mifandraika amin'ny "mahafantatra", dia asaivo mifidy adininy avy ao amin'ny Baiboly izy ireo (Fanoharana, Salamo, na fitantarana tantara indray miseho) ary manoratra tanjona telo ahafahana mianatra izany (Mahafantatra, Mahalala ary Mamaly).

Rehefa nahavita nahavita io zavatranampanao vina azy io izy ireo dia mangataha olona telo terem-panahy hizara ny asany. Hifanakalozy hevitra ao anatin'ny kilasy ny tanjona hitan'izy ireo, ary fakafakao raha toa ka voazara araka ny tokony ho izy sady mety ho tanjona tsara ho an'ny mpampiantry ny Sekol Sabata.

### **NY FAMPIASANA NY SORATRA MASINA**

#### I. Tanjona

Ny mpianatra dia:

- . Hamantatra ny anjara toeran'ny fandalinana ara-Baiboly eo amin'ny fianana.
- . Hanombana ny maha zava-dehibe ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiananay manokana.
- . Hanapakevitra hanao ny Soratra Masina ho ivon'ny Kilasin'ny Sekoly Sabata.

II. Mandalina ny tenin'Andriamanitra

Soraty eo amin'ny solaitra be, nataratasy lehibe, na "Retro projecteur" ny lisitry ny zavatra azo tsapain-tanana amin'izao andro moderina zao (ohatra: Motosikileta, piano, finday, solosaina moderina, fanapahana bozaka mandeha amin'ny alalan'ny motera, Sarety, fanamasifam-peo, fahitalavitra, "agrafeuse", "guichet automatique", fitsapana hafanana, sns.)

Asaivo miasa tsirairay avy ny mpandray anjara, mifidy iray amin'ireo zavatra ireo izay maneho tsara indrindra ny Baiboly: "Ny Baiboly dia toy ny fanamafisam-peo satria... "

Omeo tombotsoa hitanisa maro araka izay safidiny izy ireo sady manazava izany.

Hifanakalozy hevitra amin'izay ireto manaraka ireto

- Inona no soso-kevitra azo raisina avy amin'ny fampitahana ny Baiboly amin'ireo zavatra ireo, izay mety ahafahana mandinika ny baiboly ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata ihany koa?
- Hatraiza no fetran'ny fahasarotan'ny mampitovy na mahasamihafa ny fampitahana ireo zavatra ireo amin'ny Baiboly?
- Tsotra sa sarotra ny famaritanao ny Baiboly? Hazavao ny valin-teninao.
- Inona no fiantraikan'ny famaritanao ny Baiboly ho tsotra na sarotra, raha misy, amin'ny fomba famianarana mifanaraka amin'ny tokony ho izy?

Zarao ho tarika telo na efatra ny kilasy. Omeo ireto andininy ara-tsoratra masina manaraka ireto ny tarika tsirairay avy ho vakiany amin'ny dikan-teny samihafa nadikana ny Baiboly. Asaivo mamakafaka ny endrika samihafa isehoan'ireo dikan-teny isankarazany ireo izy ireo, sy izay zavatra entin'izany amin'ny fahalalana ny andininy izay

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

nasaina dinihiny. Asaivo misy olona iray terem-panahy isan-tarika hizara izay zavatra tapak'izy ireo.

Jaona 5:39, Efesiana 6:17, II Timoty 3:16; Hebreo 4:12,  
Jakoba 1: 21-23

Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

- Inona no vokatry ny famakina dikan-teny isan-karazany teo amin'ny fahatakaranao ny tian'ilay andininy ambara?
- Ahoana no mahatonga ny famerimberenana mamaky ilay andininy hanazava ny hevitra tiandy ambara?
- Raha toa ianao ka hanoratra hafatra izay hadika amin'ny fiteny maro, inona no karazana teny ampiasainaao?
- Inona no karazana teknika fampianarana izay atoron'ity fampiasana saina ity handalinana ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Sekoly Sabata?

III. Mitondra ny Mpianatra ho ao amin'ny Soratra Masina  
Na dia somary hafahafa azan y milaza azy ity dia hita fa ny fandalinana ara-baiboly no ivon'ny lesion'ny Sekoly Sabata, ary ny mpianatra dia tokony hampiasa ny Baiboliny hatrany mandritra izany dingana izany. Fa inona moa no antony hafa tokony hampiasana azy io? Mety hanontany tena isika. Etsy andanin'izany maro ny kilasin'ny Sekoly Sabata izay manao fifanakalozan-kevitra handraisan'ny olona anjara amin'ny fizarana izay ao an-tsainy, kanefa tsy manokatra Baaiboly akory izy. Ny kilasin'ny Sekoly Sabata dia tsy tokony ho "toerana hiangonana'ny tsy fahalalana", fifampizarana hevitra kely fotsiny.

Ny sekoly Sabata dia tokony ho toerana fanaovana asa izay hianaranny mpandray anjara fa ny Soratra Masina dia manana zavatra ambara ho an'ny lohahevitra rehetra. Mihoatra noho izany tokony hianaran'izy ireo ny paikady tena mahomby

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

hianarana ny Baiboly mba ahafantaran'izy ireo ny fomba fampiasana ny Soratra Masina ihatrehana ny olany andavan'andro.

Tahaka ity fomba fiteny fahiny ity izany: "Omeo trondro aho, dia mahavoky ahy indray andro ianao. Ampianaro manjono aho, dia hamoky ahy mandritry ny androm-piaínako ianao."

Ity misy fomba hafa entina milaza izany hevitra izany: "Imbetsaka mihitsy isika no manolotra voninkazo efa tapaka ho an'ny olontsika, kanefa ny mampianatra azy hamboly ny zava-maniriny manokana no tokony ataontsika."<sup>10</sup>

Ahoana no fiasan'izany fomba fijery izany ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata? Anisan'ny fomba iray manan-danja ametrahana izany fomba fianarana izany ny fialan'ny mpampianatra kely amin'ny andraikiny amin'ny maha-loharanom-pahalalana azy, ary mampiditra ny mpianatra amin'ny Soratra Masina avy hatrany, amin'ny alalan'ny fampiasana ny fanazarantena atao mandritry ny ora iarahan'ny kilasy.

Mizarà dika mitovy amin'ilay "Tetikasan'ny Baiboly Handraisana Anjara" (jereo any amin'ny Takila Fanampiny) ho an'ny mambra tsirairay avy ao anaty kilasy. Vakio ireo ohatra rehetra ao anatin'izany taratasy izany ary hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

- Raha toa ianao ka hampiasa ireo karazana fanazarantena ireo ao anatin'ny kilasin'ny Sekoly Sabatanareo, dia inona no mahasamihafa azy ireo tamin'ny teo aloha?
- Inona no azonao ambara mahakasika ny tombony azo avy amin'io karazana fampianarana io?
- Inona no lafy ratsiny azonao lazaina?

Zarao ho tarika telo na efatra ny ao anatin'ny kilasy ary asaivo mamolavola tetikasan'ny Baiboly handraisana anjara izy ireo, izay azo ampiasaina entina mampianatra ny leson'ny Sekoly Sabata amin'ity herinandro ity. Rehefa ampy ny fotoana

nomena ireo tarika kely dia mangataha olona terem-panahy hizara sy hanazava ny tetikasa ara-Baiboly izay handraisany anjara. Resaho ao anatin'ny tarika ny tombotsoan'ireo fanazarantena nampanaoovina ireo.

### **HETSIKA FIFANAKALOZANA**

#### **I. Tanjona**

Ny mpianatra dia:

- Ahita ny mampifanohitra ny fianarana mihaino fotsiny sy ny fianarana hifanakalozan-kevitra.
- Hikaroka fomba izay ahafahan'ny mpampiantry ny Sekoly Sabata mampandray anjara ny kilasiny amin'ny fianarana hifanakalozan-kevitra.
- Hitady fomba ahafahan'ny firahalahiana manafaingana ny tontolon'ny fianarana ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata.

#### **II. Mianatra Amin'ny Alalan'ny Fanaovana**

Vakio haingana amin'ny feo mafy ireto tari-dalana manaraka ireto<sup>11</sup>:

Fampitambarana tendro roa:

1. Fidio ilay fitaovana "Selection Directe"
2. Safidy: raha tianao atambatra ho iray ilay tendro roa, dia akisaho eo ambonin'ilay tendro iray ny tendro iray amin'ny alalan'ny fibatana azy amin'ny tanana, ary mariho izy roa mba hiaraka ho "selectionés", na ampiasao ny fikitihana ny Moyenne (Axe: Les Deux) mba hanitsiana azy roa (ao amin'ny takila teo aloha no ahitana ny toromarika).
3. Tsindrio ny "shift" sady clikena eo amin'ireo tendro roa, na selectionena.
4. Kitaho eo amin'ny "Sujet menu>Path>Join". Raha tsy mifanitsy ny lohan'ireo tsipika roa dia hampifandray azy ireo amin'ny alalan'ny tsipika mahitsy ilay mpibaiko hoe Join. Raha efa mifanitsy kosa ny

lohan'ireo tsipika roa ary samy selectionnés izy roa (mariho izy ireo raha ilaina izany), dia hisokatra ny boite de dialogue Join. Izao no atao ao anatin'ny boite de dialogue Join :

Klikena ny « Corner » mba hanambarana tendro roa ho tonga teboka iray tsy misy tsipika miavaka intsony, na hanambarana tendro roa misy fiolahany (na tendro iray maranitra miaraka amin'ny tendro misy fiolahany) ho tonga teboka iray miolana izay ahitana tsipika manondro amin'ny toerana tsy mifampiankina.

na

Klikeo eo amin'ny « Smooth » mba hampitambarana tendro roa miolana ho tonga tendro miolana iray izay ahitana tsipika mihetsika amin'ny endrika mirazotra.

5. Tsindrio amin'izay ny "OK" na tsindrio ny Return/Enter.

Dingana dimy avy tamin'ny tari-dalana fampiasana ny programan'ny "Adobe Illustrator" no no novakiako taminao teo. Firy aminareo izao no mahatsapa fa afaka mankany amin'ny solosaina akaiky indrindra eto ary manambatra tendro roa amin'ny alalan'ny programan'ny "Adobe Illustrator"?

Inona no antony, na eny na tsia?

Any amin'ny ankabeazan'ny kilasin'ny Sekoly Sabata, ho an'ny lehibe sy ny sokajin-taona rehetra, dia ny mpampianatra no mandray anjara amin'ny 80 na 90 isanjaton'ny resaka. Mety hametraka fanontaniana izy ireo izay hitarika ho amin'ny ady hevitra indraindray, na izany aza anefa dia mbola ny fandaharan-dresaka ihany no fomba fampianarana tena ampiasain'ny ankamaroan'izy ireo. Misy ny fotoana sy ny lohahevitra izay mitaky

fandaharan-dresaka toy izany, kanefa tokony ho fotoana vitsy monja no hanaovana izany.

Ny fianarana tena mahomby indrindra dia hita rehefa mandray anjara amin'ny fifanakalozana mahakasika izay zavatra nianarana ny mpianatra. I Jesosy, izay Tompo Mpampianatra, dia nanome fampiasana saina hifanakalozan-kevitra matetika, mba hampidirana ny mpianany amin'ny fahaizana mianatra amin'ny alalan'ny fanaovan-javatra. Ny mpianany dia nasainy "Nameno rano ny tavoara" ary "Nandatsaka ny haratony mba ahazo." Nanasa an'i Petera hivoaka avy ao anaty sambo izy ary andeha hanatona Azy teny ambonin'ny ranomasina. Mariho ihany koa fa ny batisa sy ny fanosorana dia hetsika fianarana. Ny mpianatra dia tafiditra tamin'ny fandraisana anjara ara-batana tanteraka, tamin'ireo dingana ireo. Maro ny fanehoana an-tsary mahakasika io dingana io, fa ny iray izay tena tsotra tokoa no aseho an-tsary amin'ny "Telozoron'ny Fianarana".

Mizarà dika mitovy amin'ny "Telozoron'ny Fianarana" (jereo ao amin'ny Annexe) ho an'ny mambra tsirairay avy ao anaty kilasy, ary asehoy amin'ny "retro-projecteur" izany, na asehoy an-tsary.

Io telozoro io dia maneho ny hevitra fa arakaraky ny hidiran'ny olona iray lalina amin'ny dingana fianarana, no ahazoany be be kokoa izay hianarany. Ny tendron'ilay telozoro dia maneho ny fianarana tsy hita maso: famakiana asa soratra vita printy na fihainoana lahateny. Izany no fomba mahomby entina mianatra.

Mariho fa arakaraky ny fampiarahana ny fampiasana haino aman-jery (rehefa ampidirin'ny mpampianatra ny fampiasana fitaovana toy ny solaitrabe na taratasy lehibe) no mampahomby ny fianarana. Amin'ny alalan'ny

fampiasana fanehoana an-tsary, sary, sarimihetsika, izany hoe izay zavatra rehetra jeren'ny maso, no mampahafaingana ny fianarana.

Miha-mahomby ny fianarana rehefa tonga eo amin'ny fototr'ilay telozoro. Eo no miseho ilay fianarana mivantana satria ampandraisina anjara mavitrika ny mpianatra, amin'ny alalan'ny fampiasany ny retsi-pandre rehetra eny aminy. "Izay mety ho karazana fandraisana anjara mivantana rehetra, na fanoratana, na fanaovana sary, na fanaovana tantara an-tsehatra, na fandehanana manao dia lavitra any ankalamanjana, dia manana ny lanjany tena tsara tokoa eo amin'ny sehatry ny fianarana. Araka izany, manoso-kevitra izahay mba ampiasa karazana hetsika ny mpampianatry ny tanora zandriny sy ny tanora zokiny."<sup>12</sup>

Asaivo mieritreritra ny iray kilasy, mitanisa karazana fomba faran'izay betsaka, ahafahan'ny mpianatra mandray anjara amim-pahavitrihana mandritry ny dingana fianarana. Rehefa hitan'izy ireo izany fomba isan-karazany izany dia soraty eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe. Amporisiho izy ireo mba hanoratra izany rehetra izany an-taratasy, mba ahafahan'izy ireo mitondra izany lisitra izany mody, hitadiavan'izy ireo hevitra eo am-panomanany ny drafi-pampianarany amin'ny ho avy.

### **III. Firahalahiana**

Ny faniriana hampandray anjara ny tanora amin'ny fianarana handraisana anjara dia mifandray akaiky amin'ny filàna firahalahiana ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata. Ny firahalahiana dia iray amin'ireo singa efatra tena manan-danja ao anatin'ny Sekoly Sabata. Ny mpampianatra dia tokony hitady fomba hampivelarana izay mahatsara ny

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

firahalahiana misy eo amin'ny mambra rehetra ao amin'ny kilasiny. Rehefa mitombo ny fifandraisan'ny mpianatra amin'ny mpampianatra azy sy amin'ny izy samy izy, dia miha-mifanakaiky izy ireo sady miha-akaiky an'i Jesosy.

Hifanakalozy hevitra izao manaraka izao:

- Farito ny teny hoe "firahalahiana" raha ampifandraisina amin'ny Sekoly Sabata.
- Araka ny hevitrao, inona no antony maha-zava-dehibe ny firahalahiana eo amin'ny fianarana?
- Inona no ohatra avy amin'ny fomba fampianaran'i Jesosy, izay manondro ny maha-zava-dehibe ny firahalahiana?

Asaivo mitsangana avokoa ny mpandray anjara rehetra.

Asaivo manatona olona iray izay mifanohitra aminy izy (lava na fohy, antitra na tanora, vavy na lahy, sns.) Aorian'izany dia asaivo manatona olona roa hafa ilay olona roa mba ho tonga tarika iray ahitana olona efatra.

Asaivo manao lisitra roa ny tarika kely tsirairay avy:

- Ny lèlana tsara indrindra hanorenana firahalahiana
- Ny sakana lehibe indrindra ho an'ny firahalahiana

Tokony hisy zavatra fito farafahakeliny ao amin'ny lisitra tsirairay avy. Aorian'ny telo minitra dia asaivo manao ny tatitr'izay zavatra misoratra ao anatin'ireo lisitra roa, ny solotena iray isan-tarika. Soraty eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe izany, fa aza mitahiry ny dika mitovy aminy.

Amin'ny maha-tarika iray anareo dia atambaro ny lisitry ny hetsika, 25 farahafaharatsiny, azon'ny tarika eo an-toerana atao mba hampitomboana ny firahalahiana ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata. Aoka mba ho hetsika tsy mila atao any

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

ampiangonana na amin'ny andro Sabata ny 10 amin'izy ireo farafahakeliny.

Mariho fa rehefa mamarana ity fanazarantena ity isika dia ahita fa ny ampahany lehibe amin'ny zavatra azo tamin'ity hetsika fianarana mahakasika ny firahalahiana ity dia avy amin'ny mpandray anjara ao amin'ny kilasy fa tsy avy amin'ny mpampianatra. Ohatra tena tsara izany, maneho ilay nambara tamin'ny fianarantsika teo aloha mahakasika ny andraikitry ny mpampianatra. Amin'ny maha-mpampianatry ny Sekoly Sabata anao dia tsy tokony ho "manam-pahaizana" loatra no andraikitra andrasana aminao, fa mpanamaivana ny tontolo izay mitondra fahalalana feno ho an'ilay tarika.

"Tsy ny famitana ny resaka rehetra no drafitra tsara indrindra ataon'ny mpampianatra, fa tokony hitaona ny kilasy izy hilaza izay zavatra fantany."<sup>13</sup>

### MAMORONA FANONTANIANA TSARA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

#### I. Tanjona

Ny mpianatra dia:

- Hamakafaka ny teknika fametrahan'i Jesosy fanotaniana.
- Hanomana fanontaniana hifanakalozan-kevitra mifototra amin'ny andinin-tsoratra Masina iray nomena.
- Hikaroka hevitra hanatsarana ny fanontaniana hifanakalozan-kevitra izay omaniny ho amin'ny fampianarana any amin'ny Sekoly Sabata.

#### II. Ny Fomba Fametrahan'i Jesosy Fanontaniana

Hatramin'izay ny mpampianatry ny Sekoly Sabata dia nionona fotsiny tamin'ny fandraisana ny fampianarana ho fomba iray hanehoana ny leson'ny Sekoly Sabata. Nisy mpanoratra iray nampitaha ny fampianarana tamin'ny lalao "golf", ary ny

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

fifanakalozan-kevitra tamin'ny lalao "tennis". Ao anatin'ny lalao "golf" dia ahitana mpilalao mikapoka ny baolina ary manaraka izay alehany ka mikapoka izany indray, dia miverina hatrany ny tahaka izany. Olona roa (na efatra) no mandray anjara amin'ny "tennis", mifandimby mikapoka ny baolina, ary azo antoka fa misy fifanakalozana be kokoa amin'izy samy mpilalao.

Izao no fanamarihana mahaliana nataon'i Francis Bacon: "ny fanontaniana napetraka tamim-pahaizana dia atsasaky ny valiny." Nisy mpanao fikarohana arapanabeazana iray nanamarika fa ny Filazantsara efatra dia ahitana fanontanian'i Jesosy miisa 100.<sup>14</sup> Indraindray ary i Jesosy mamaly ny fanontaniana amin'ny alalan'ny fanontaniana hafa!

Asaivo mampiasa ny Baiboliny ny mpianatra ao amin'ny kilasy ary manokatra ao amin'ireo Filazantsara efatra ka asaina manoratra fanontanian'i Jesosy dimy avy ao ny mpandray anjara.

Rehefa vitan'izy ireo izany hetsika izany dia asaivo mizara izay hitany ny olona terem-panahy, ary asaivo fakafakaina sy sokajin'ny iray kilasy ny fanontaniana tsirairay avy. Ireto manaraka ireto no tokony ho hita ao anatin'izany fifanakalozan-kevitra izany: (a) Iza no nametrahana io fanontaniana io? (b) Inona no antony nametrahan'i Jesosy io fanontaniana io? (d) Karazana valim-panontaniana manao ahaoana no voarain'i Jesosy?

### III. Ny Maha-Zava-Dehibe Ny Fanontaniana Fifanakalozan-Kevitra

Araka ny efa nambara tany aloha, ny ankabeazan'ny kilasin'ny Sekoly Sabata dia efa zatra nampianarina tamin'ny fomban-drazana, amin'ny endriny fandaharan-dressaka. Alaivo sary an-tsaina ny mpanao

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

zaridaina iray izay tsy manana afatsy fitaovana iray fikarakarana zaridaina: farango. Amin'io fitaovana iray io ihany no hiezahany mikarakara ny tany, hamboleny ny voa, hanondrahany ny voly, ary hijinjany ny vokatra. Hita avy hatrany fa zavatra tsy misy dikany izany, kanefa maro ny mpampianatry ny Sekoly Sabata no alaim-panahy hanao zavatra tahaka izany: miezaka mampianatra ny kilasy amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana iray izy ireo, dia ny fandaharan-dresaka izany.

Mazàna i Jesosy no tsy manazava ny fanoharana ataony, kanefa nanapa-kevitra Izy hanazava ny hevitra fonosin'ny fanoharany mahakasika ilay mpamafy. "Raha misy mandre ny tenin'ny fanjakana fa tsy mahalala, dia avy ilay ratsy ka manaisotra izay nafafy tao ampony. Dia izany no ilay nafafy teny amoron-dalana." (Mat 13:19). Ny mpampianatra dia tsy maintsy manao mihoatra noho ny fandaharan-dresaka fotsiny raha tiany ho azo antoka hoe "ahatakatra" ny hafatra mahakasika ilay resaka fanjakana ny ankamaroan'ny mambra ao anatin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata.

Iray amin'ireo fomba izay ahafahan'ny mpampianatra manao izany ny fanarahana ny ohatr'i Jesosy rehefa mametraka fanontaniana voahevitra tsara. Ny ankabeazan'ny manam-pahefana dia manoso-kevitra hoe ny mpampianatra dia tsy tokony hiteny mihoatra ny 30 isan-jaton'ny fotoana ao an-dakilasy. Ny teny anglisy hoe "educate" (manabe) dia avy amin'ny teny Latina hoe "educare", izay midika hoe "mamoaka ny avy ao anaty", fa tsy hoe "mampiditra ao anaty" !

"Ny mpanabe manam-pahendrena no mikatsaka ny hamoaka ny fahaiza-manao sy ny hery hananan'ny

mpianatra, fa tsy mizatra amin'ny fiezahana mampita toromarika hatrany.”<sup>15</sup>

Ny mpanabe ara-pivavahana Marlene LeFever dia nitanisa ireo tombotsoa izay azon'ny mpianatra avy amin'ny fampiasana ny fifanakalozan-kevitra:<sup>16</sup>

1. Ny fifanakalozan-kevitra dia misarika ny fahalianana sy ny eritreritra ary manampy ny mpianatra hampivelatra ny talenta hananany amin'ny lafiny fandinihan-javatra, famakafakana, ary ny famantarana ny tokony ho izy.
2. Ny fifanakalozan-kevitra dia manampy ny mpianatra hanazava sy hamerina indray izay zavatra nianarany.
3. Ny mpianatra indraindray dia afaka mamaha ny olany manokana, amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra.
4. Ny fifanakalozan-kevitra dia manome tombotsoa ny mpianatra hihainoany hevitra izay matotra kokoa sy mitovy kokoa amin'ny an'i Kristy raha ampitahaina amin'ny azy manokana.
5. Ny fifanakalozan-kevitra dia manetsika ny fitiavana te hamorona ary manampy ny mpianatra amin'ny fampiharana izay zavatra nianarany, eo amin'ny tranga miseho andavan'andro.
6. Rehefa ambaran'ny mpianatra am-bava izay zavatra hinoany ary voatery manazava sy miaro izay zavatra ambarany izy, dia (a)mihamafy ny faharesen-dahatra hananany; (b) mitombo ny fahafahany mizara izay hinoany amin'ny hafa.

Mizarà dika mitovy amin'ny "Mamorona Fanontaniana Tsara Hifanakalozan-kevitra" (jereo any amin'ny Takila Fanampiny) ho

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

an'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy. Vakio daholo ary hifanakalozy hevitra ireo tari-dalana ireo.

Mifidiana andalana (fanoharana, salamo, na tantara indray miseho) avy ao amin'ny Baiboly ary asaivo manao izao manaraka izao: (a) mamaky ilay andalana nomena azy; (b) manoratra fanontaniana dimy mifototra amin'ilay andalana anjarany, araka izay voalaza ao amin'ny "Mamorona Fanontaniana Tsara Hifanakalozan-kevitra."

Rehefa ampy ny fotoana namitan'ny isan-tarika izany anjara nomena azy izany dia mangataha olona terem-panahy hizara ny fanontanian'izy ireo, ary fakafakao ao anatin'ny tarika ny fomba izay nanehoan'izy ireo (na tsia) ny fanarahany ny tari-dalana napetraka ao amin'ny "Mamorona Fanontaniana Tsara Hifanakalozan-kevitra."

BOKY FILAN-KEVITRA

*A Curriculum Plan for the General Conference Department of Church Ministries* (Washington, D.C.: General Conference of SDA, 1987)

Betz, Charles H. *Teaching Techniques for the Adult Sabbath School* (Westlake Village, Calif.: Pacific Union Sabbath School Department, 1980)

Dockrey, Karen. *The Youth Worker's Guide to Creative Bible Study*, (Wheaton, Ill.: Victor Books, 1991)

Downs, Perry G. *Teaching for Spiritual Growth: An Introduction to Christian Education* (Grand Rapids: Zondervan, 1994)

Gangel, Kenneth O. *24 Ways to Improve Your Teaching* (Scripture Press, 1974)

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Gangel, Kenneth O., and Howard G. Hendricks. *The Christian Educator's Handbook on Teaching* (Scripture Press, 1989)

Habermas, Ronald, and Klaus Issler. *Teaching for Reconciliation* (Grand Rapids, Mich.: Baker Books, 1992)

Hunt, Josh, with Larry Mays. *Disciple-Making Teachers* (Loveland, Colo.: Vital Ministry, 1998)

LeFever, Marlene D. *Creative Teaching Methods* (Elgin, Ill.: David C. Cook PublishingCo., 1985)

McNabb, Bill, and Steven Mabry. *Teaching the Bible Creatively: How to Awaken Your Kids to Scripture*, (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 1990)

Schultz, Thom and Joani. *The Dirt on Learning* (Loveland, Colo.: Group Publishing, 1999)

Schultz, Thom and Joani. *Why Nobody Learns Much of Anything at Church: And How to Fix It* (Loveland, Colo.: Group Publishing, 1993)

Tolbert, La Verne. *Teaching Like Jesus* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2000)

Warden, Michael D. *Extraordinary Results From Ordinary Teachers* (Loveland, Colo.: Group Publishing, 1998)

White, Ellen. *Counsels on Sabbath School Work* (Washington, D.C.: Review & Herald Publishing Association, 1938)

White, Ellen. *Fundamentals of Christian Education* (Nashville, Tenn.: Southern Publishing Association, 1923.)

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Wilhoit, Jim. *Christian Education and the Search for Meaning* (Grand Rapids: Baker Book House, 1991)

Wilhoit, Jim, and Leland Ryken. *Effective Bible Teaching* (Grand Rapids: Baker Book House, 1988).

### **TAKILA FANAMPINY**

#### **Hevitra**

"Ny fampianarana dia sady natao hanomezana fahalalana no natao hanovana." (Gangel sy Hendricks).<sup>17</sup>

"Ny tanjon'ny fomba fisainana ara-teolojika dia tsy ny fahamarinana sy ny fahalalana ny Soratra Masina fotsiny ihany, fa mitondra hatrany amin'ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny asa ataony, izay mitondra vokatra sy fanovana." (Guy)<sup>18</sup>

"Fiheverana ny fahadisoana: raha mba azontsika atao mahitsy ny eritreritsika, dia hirodana avy amin'ny toerana misy azy avokoa ny zavatra hafa rehetra. Eny fa na dia ireo izay nanoratra be indrindra momba ny 'fanaovan-javatra' tamin'ny taonjato faha-70 sy 80 aza dia toa voasarik'io fiheveran-diso moderina io, izay manao hoe ny fisainana mahitsy dia mitarika ho amin'ny fiainana mahitsy." (Sweet)<sup>19</sup>

"Tsy maintsy ampianarina ny hevitra hijoroana (Asa 18:11). Ny hafatra Kristiana dia manomboka amin'ny fanambaràna, kanefa tsy maintsy mitohy amin'ny fanazavana. Iray amin'ireo fahalemena lehibe indrindran'ny Fiagonana ny fisian'ny olona maro izay tsy mahalala tsara ny hevity ny hoe Kristiana akory sy ny finoany ary ny zavatra hijoroany; ary iray amin'ireo fahadisoana lehibe eo amin'ny fitorian-teny ny fitaomany ny olona iray ho tonga Kristiana matetika, kanefa tsy ampianarina azy akory ny atao hoe maha-Kristiana. Ny fampianarana dia mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny hafatra Kristiana." (Barclay).<sup>20</sup>

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

"Tsy misy mpampianatra tokony hiezaka mafy hanao izay hananan'ny hafa fomba fisainana tahaka ny azy, fa hitarika azy ireo kosa ho amin'ilay Fahamarinana velona, ho amin'ilay Mpamony mihitsy, izay ao Aminy irery ihany no ahafahana mianatra ny zava-drehetra, ary Izy no hampitoetra ao anatin'izy ireo ny fahalalana ny marina, amin'ny alalan'ny fahitana izany fotsiny ihany." (MacDonald)<sup>21</sup>

"Eo amin'ny fampiharana, na dia eo aza ny teny tsara lahatra manohitra izany, ny ankabeazan'ny fanabeazana ara-pivavahana dia toa mirona ho amin'ny fihazonana ny rafitra mpandidy (ambava) tsy mety afaka fahiny, na dia efa natao aza izay hidirany tamin'ny tontolon'ny haino aman-jery (demokratika). Maro amin'io karazana fampianarana fahiny io no mitoetra ho tsy mahomby amin'ireo mpianatra moderna satria tsy dia tena ahafahan'izy ireo mandray anjara mavitrika izany. Ny fanandramana efa nandalovana dia maneho fa ny fampianarana ampiarahana amin'ny fandraisana anjara ataon'ny tena manokana no manamora ny fianarana ny fitondrantenanao manokana sy eo anivon'ny fiaraha-monina... Ny ankamaroan'ny zavatra izay heverina ho fanabeazana ara-pivavahana amin'izao fotoana izao dia fampiasana endrika serasera efa lany daty." (Sarno)<sup>22</sup>

"Misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny 'fianarana' sy ny 'fampianarana'. Amin'ny 'fampianarana' dia hofanina ianao amin'ny alalan'ny famerimberenana ny zavatra izay tokony eritreretina sy atao ary aseho. Amin'ny 'fianarana' kosa dia hofanina araka izay zavatra resahana ianao, ny amin'izay tokony eritreretina sy atao ary aseho." (Sweet)<sup>23</sup>

"Tsy mahay na inona na inona isika amin'ireo izay miteny hoe: 'Ataovy izay ataoko.' Ny hany mba mpampianatra antsika dia ireo izay miteny amintsika hoe 'Ataovy miaraka amiko'." (Deleuze)<sup>24</sup>

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

**Ny Mpampianatra Dia Tahaka Ny...**  
Inona no karazana asa izay azonao ampitahaina amin'ny mpampianatra? Izay tsara indrindra amin'ireto manaraka ireto ihany marihina:

- Mpanamboatra fiara
- Mpikarakara zaridaina
- Mpanao sary sikotra
- Dokotera
- Polisy
- Mpanao politika
- Mpiasan'ny banky
- Mpisolo vava
- Mpanamboatra fantson-drano
- Mpandrafitra
- Mpitsabo mpanampy
- Mpitatitra vaovao
- Mpandoko trano
- Mpanamarin-kaonty
- Mpamono afo
- Mpivarotra
- Mpitondra mpizaha-tany
- Mpanjaitra
- Mpamily fiara vaventy
- Mpibaiko mpitendry hira
- Injeniora amin'ny lafiny ara-pahasalamana
- Mpamafa trano
- Hafa: \_\_\_\_\_

Hazavao ny valiteninao :

**Ny Mpampianatra Dia Tahaka Ny...**  
Inona no karazana asa izay azonao ampitahaina amin'ny mpampianatra? Izay tsara indrindra amin'ireto manaraka ireto ihany marihina:

- Mpanamboatra fiara
- Mpikarakara zaridaina
- Mpanao sary sikotra
- Dokotera
- Polisy
- Mpanao politika
- Mpiasan'ny banky
- Mpisolo vava
- Mpanamboatra fantson-drano
- Mpandrafitra
- Mpitsabo mpanampy
- Mpitatitra vaovao
- Mpandoko trano
- Mpanamarin-kaonty
- Mpamono afo
- Mpivarotra
- Mpitondra mpizaha-tany
- Mpanjaitra
- Mpamily fiara vaventy
- Mpibaiko mpitendry hira
- Injeniora amin'ny lafiny ara-pahasalamana
- Mpamafa trano
- Hafa: \_\_\_\_\_

Hazavao ny valiteninao :

**Ny Zavatra Ilain'ny Tanora**

Fanekena azy

Famitana zavatra

Hetsika, fandraisana anjara

Fiatrehana zavatra tsy mbola fahita

Fankasitrahana

Fahatsapana ho anisan'ny zavatra iray

Mifidy fomba fihevitra sy fomba fiaina

Fitsipika, lalàna

Fifandraisana amin'ny alalan'ny maso

Fahalianana mifantoka amin-javatra iray

Fahatsapana ho ilaina

Tanjona, zavatra alain-tahaka, fihaikana

Mamantatra ny tenany

Mahafantatra ny olana misy amin'izao fotoana izao:

- Ny famoronana/ny fivoarana miandalana
- Ny zava-mahadomelina
- Ny maha-olombelona, sns.

Fifandraisana manokana amin'i Jesosy

Fifandraisana, namana Kristiana

Valisoa fankasitrahana

Olona faka-tahaka, "mahery fo"

Fiarovana

Fanekena ny tena

Fifehezan-tena, fanehoan-kevitra

Tombambidin'ny tena

Fomba fijery ny fanabeazana ara-pananahana amin'ny maha-

Kristiana

Fahaiza-miaina

Fanolokoloana ara-panahy:

- Foto-pinoana AMAF
- Fiovampo
- Batisa
- Fandraisana anjara amin'ny asa misionera

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

- Fiainana feno fanolorantena

Fifampikasohana araka ny tokony ho izy

Fahatokiana

Fitiavana tsy misy fepetra

Fanomezana tombambidy, fahaizana mandanjalanja ara-tsaina

### **Ny Zavatra Ilain'ny Tanora**

Fanekena azy

Famitana zavatra

Hetsika, fandraisana anjara

Fiatrehana zavatra tsy mbola fahita

Fankasitrahana

Fahatsapana ho anisan'ny zavatra iray

Mifidy fomba fihevitra sy fomba fiaina

Fitsipika, lalàna

Fifandraisana amin'ny alalan'ny maso

Fahalianana mifantoka amin-javatra iray

Fahatsapana ho ilaina

Tanjona, zavatra alain-tahaka, fihaikana

Mamantatra ny tenany

Mahafantatra ny olana misy amin'izao fotoana izao:

- Ny famoronana/ny fivoarana miandalana

- Ny zava-mahadomelina

- Ny maha-olombelona, sns.

Fifandraisana manokana amin'i Jesosy

Fifandraisana, namana Kristiana

Valisoa fankasitrahana

Olona faka-tahaka, "mahery fo"

Fiarovana

Fanekena ny tena

Fifehezan-tena, fanehoan-kevitra

Tombambidin'ny tena

Fomba fijery ny fanabeazana ara-pananahana amin'ny maha-Kristiana

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Fahaiza-miaina

Fanolokoloana ara-panahy:

- Foto-pinoana AMAF
- Fiovampo
- Batisa
- Fandraisana anjara amin'ny asa misionera
- Fiainana feno fanolorantena

Fifampikasohana araka ny tokony ho izy

Fahatokiana

Fitiavana tsy misy fepetra

Fanomezana tombambidy, fahaizana mandanjalanja ara-tsaina

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

MAMPIANATRA TAHAKA NY NAMPIANARAN'I JESOSY

Mihoatra ny in-40 no niantsoana an'i Jesosy hoe "mpampianatra" tao amin'ny Filazantsara. Ny fomba izay nentiny nanatona ny olona dia azo alaina ho modely ho an'ny fomba izay ahafahan'ny mpampiantry ny Sekoly Sabata manatona ny mambra ao amin'ny kilasiny amin'izao fotoana izao. Ataovy lisitra etsy ambany ny teknika telo nentin'i Jesosy nampianatra. Miomàna hanambatra ny valiteninao amin'ny an'ny hafa.

Teknika Fampianarana

Andininy Ara-tsoratra Masina

## Mifandraika amin'izany

**Ireo Karazana Tanjona Telo amin'ny Lesona**

Ny tsirairay avy amin'ireto andalan-tSORATRA Masina voalaza etsy ambany ireto dia arahana tanjona telo izay mendrika entina eo anivon'ny Sekoly Sabata. Sokajio tahaka izao ny tanjona tsirairay avy: M1(Mahafantatra), M2 (Mahatsapa), M3 (Mamaly), amin'ny alalan'ny fizahana ny valiny marina etsy amin'ny sisiny havanana.

**Ny FanoHarana Mahakasika Ilay Zanaka Adala (Lioka 15:11-31)**

M1    M2    M3

1. Ny mpianatra dia hisaintsaina ny amin'ny fomba izay nanaovany toetra tahaka ilay zoky lahy.
2. Ny mpianatra dia haneho toetra ekena kokoa amin'ireo "zanaka nania" ao am-piangonana.
3. Ny mpianatra dia hanazava ny antony nahadiso ny toetra nasehon'ilay zoky lahy.


**Ny Nananganana an'i Lazarosy (Jaona 11:1-45)**

M1    M2    M3

4. Ny mpianatra dia ahatsapa ny filàny fananganana ara-panahy
5. Ny mpianatra dia hanao fampitahana ny andraikitr'i Maria sy Marta tao anatin'ilay tantaran'ny nananganana an'i Lazarosy.
6. Ny mpianatra dia hanaiky ny fandaharam-potoanan'Andriamanitra amin'ireo zavatra angatahana ny fidirany an-tsehatra eo amin'ny fiainana.


**Ireo Karazana Tanjona Telo amin'ny Lesona**

Ny tsirairay avy amin'ireto andalan-tSORATRA Masina voalaza etsy ambany ireto dia arahana tanjona telo izay mendrika entina eo anivon'ny Sekoly Sabata. Sokajio tahaka izao ny tanjona tsirairay avy: M1(Mahafantatra), M2 (Mahatsapa), M3

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

(Mamaly), amin'ny alalan'ny fizahana ny valiny marina etsy amin'ny sisiny havanana.

**Ny Fanoharana Mahakasika Ilay Zanaka Adala (Lioka 15:11-31)**

M1 M2 M3

1. Ny mpianatra dia hisaintsaina ny amin'ny fomba izay nanaovany toeatra tahaka ilay zoky lahy.
2. Ny mpianatra dia haneho toeatra ekena kokoa amin'ireo "zanaka nania" ao am-piangonana.
3. Ny mpianatra dia hanazava ny antony nahadiso ny toeatra nasehon'ilay zoky lahy.


**Ny Nananganana an'i Lazarosy (Jaona 11:1-45)**

M1 M2 M3

4. Ny mpianatra dia ahatsapa ny filàny fananganana ara-panahy
5. Ny mpianatra dia hanao fampitahana ny andraikitr'i Maria sy Marta tao anatin'ilay tantaran'ny nananganana an'i Lazarosy.
6. Ny mpianatra dia hanaiky ny fandaharam-potoanan'Andriamanitra amin'ireo zavatra angatahana ny fidirany an-tsehatra eo amin'ny fiainana.


**Tetikasan'ny Baiboly Handraisana Anjara**

Misy fomba isan-karazany hampandraisana anjara ny kilasin'ny Sekoly Sabata amin'ny fianarana handraisana anjara. Ireto manaraka ireto misy ohatra maro ny amin'ny fomba fitaomana tarika na olona tsirairay avy, amin'ny alalan'ny fanazarantena fianarana mifanakalo, izay ahazoana antoka ny fampiasana ny Soratra Masina ao anatin'ny kilasy. Ny lohahevitra rehetra dia azo ampitaina amin'ny alalan'ity endrika iray entina mampianatra ity.

Fizahana Andinin-Tsoratratra Masina: Miatrika tsy fifankahazoana be eo amin'ny namanao akaiky roa ianao. Noho ny fomba filalaovan'i Carlos baolina basikety misetrasetra, dia nandratra ny iray tamin'ny mason'i Glenn izy. Nangata-pamelana i Carlos kanefa nandà tsy nety niresa taminy akory i Glenn. Inona no andinin-tsoratratra Masina izay manampy anao amin'ny fiezahana mandresy lahatra an'i Glenn hamela an'i Carlos?

Famerenana Izay Voalazan'ny Baiboly Amin'ny Fomba Fiteny Hafa: soraty ao anaty tatitra tahaka ny filazam-baovao, amin'ny teny 300 na mihoatra, ny niampitan'ny Israelita ny Ranomasina Mena.

Fitsikerana: ampiasao ny andinin-tsoratratra Masina izay milaza ny toa mampifanohitra ny famaritana ny teny hoe "mino" ao amin'ny Jaona 3:16 sy ao amin'ny Jakoba 2:19: "izay rehetra mino" sy ny hoe "ny demonia koa mba mino".

Ampitahao sy/na Ampifanohero: raha toa ny olona rehetra ao am-pianaranao, ny mpianatra, ny mpampianatra, ary ny mpitantana, ka mitantana ny fiainany araka ny fitsipika voalaza ao amin'ny Lioka 6:27-36, dia inona no hampiavaka ny fiainana ao? Mitanisà zavatra enina mampiavaka.

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)


Fikarohana sy Tatitra: miainga avy amin'ny lesona tamin'ity herinandro ity, farito eto amin'ity sarintany ity ny dia misionera voalohany nataon'i Paoly tany amin'ny faritra Mediteraneana.

Fandalinana Tranga Iray: rehefa mandinika ny fanandramana nolalovan'i Gideona, dia ahoana no fomba tokony ahafahan'ny olona iray manavaka ny fitarihan'Andriamanitra eo amin'ny fiainany?

Fandaminana Ady: inona no soso-kevitra ambaran'ireto andininy voatanisa manaraka ireto ny amin'ny fampiasan'ny Kristiana alikaola: Sal 104:15; Ohab 20:1; Mpit 10:19; Mat 11:19; Jao 2:3; I Tim 5:23?

Fanohanana Foto-Kevitra na Finoana: tanisao ny fomba miavaka dimy izay nambaran'ny lesona tamin'ity herinandro ity mahakasika ny fiheverana an'Andriamanitra Telo izay Iray.

**NY TELOZORON'NY FIANARANA**



**Tari-Dalana Fametrahana Fanontaniana**

- Mampiasà fanontaniana izay mitondra ny kilasy ho amin'ny tanjon'ny fianarana.
- Fadio ny fanontaniana mila valiny eny/tsia.
- Mametraha fanontaniana mihoatra noho ny fampahatsiahivana (Firy ny isan'ny zanak'i Noa?)
- Mampiasà fanontaniana mitondra fanazavana ("Hazavao . . .")
- Mametraha fanontaniana ampiasana hoe "manao ahoana" na "nahoana".
- Mametraha fanontaniana afaka ampiharina eo amin'ny fiainana.
- Zarao ny fanontaniana sarotra, ho lasa fanontaniana fohy sy mazava kokoa.
- Mametraha fanontaniana izay mitaky ny mpianatra hikaroka fanazavana avy amin'ny Soratra Masina.
- Manomàna fanontaniana 12 na 15 ho an'ny fifanakalozan-kevitra maharitra adin'ny iray.
- Fadio ny mamaly ny fanontaniana napetrakao manokana.
- Aza mionona amin'ny valiteny iray monja.
- Aza manantena ny mpianatra hamantatra izay ao an-tsainao.
- Ampio ny mpianatra hanamboatra ny valiteny tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy, mandra-pahatongan'izany ho azo ekena.
- Fanontaniana iray ihany apetraka isaky ny mametraka.
- Ampitomboy ny fahazakana fahanginana.
- Raha toa ka hita fa tena mazava ny fanontaniana iray dia tsara kokoa raha tonga dia lazaina avy hatrany ilay tiana ambara. Na dia miankina amin'ny fanontaniana aza ny fianarana maharesy lahatra, dia tsy voatery ho ny fanontaniana ihany no ahavitana izany.

- Ny fomba fanoratra miverimberina dia tena manan-danja ao anatin'ny Baiboly. Ny fangatahana tarika iray hitady fomba fanoratra miavaka na lisitra zavatra ao anatin'ny andalana iray matetika dia hetsika fandalinana tena mamokatra tokoa.
- Tsara kokoa ny mametraka fanontaniana roa fohy, toy izay fanontaniana iray lava mizarazara maro. Fadio ny mampiditra mpampitohy toy ny "sy" na "kanefa" ao anatin'ny fanontaniana fandalinana.
- Ataovy azo antoka hoe ny fanontaniana izay apetraka dia mifandray amin'ilay hevi-dehibe ao anatin'ilay andalana.
- Raha mety dia fanontaniana izay ahazoan'ny tarika maro tombotsoa amin'ny famaliana apetraka. Ny fanontaniana toy ny hoe: "Inona no zavatra hianarantsika avy amin'ny toetran'i Abrahama tamin'io tranga io?" dia azo antoka fa hanokatra valiny sy fomba fijery maro.
- Fadio ny fampiasana be loatra ny teny fampiasa amin'ny fanontaniana tahaka ny hoe iza, inona, oviana, ary ny taiza.
- Na dia mety banana valiny tsara mihoatra ny iray aza ny fanontaniana mila fanazavana, dia tokony ho fanazavana ny zavatra ao anatin'ilay andininy no angatahana fa tsy fangatahana fotsiny ny hevitry ny mambra ao anatin'ilay tarika.
- Fadio ny fanontaniana mitarika ho amin'ny tsangantanana. Ny andraikitrao dia ny mikaroka izay hevitratian'ilay andalana ambara, fa tsy ny hevitry ny mambra ao anatin'ny tarika mahakasika ny lohahevitra iray.
- Aoka ny fanontaniana mitaky fampiharana mba tsy hitarika ady hevitra mivoana mahakasika ny fitsipika amin'ny resaka soa toavina. Manaova tetikasa, fanontaniana, ary fanazaran-tena izay hanampy ny mambra

## IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

ao anatin'ny tarika hihazona ny hevitr'izany andininy izany eo amin'ny fiainany andavan'andro.

### **NAOTY FAMARANANA**

<sup>1</sup> Ray Johnston, *Help! I'm a Sunday School Teacher!* (El Cajon, Calif.: Youth Specialties, 1995), p. 74.

<sup>2</sup> *Church Ministries Curriculum Plan and Frameworks*, "Youth Framework" (Washington D.C.: General Conference of SDA, 1987), p. 13.

<sup>3</sup> William Barclay, *The Gospel According to Luke: The Daily Study Bible Series* (Louisville, Ky.: Westminster Press, 1975), p. 251.

<sup>4</sup> William Barclay, *New Testament Words* (Philadelphia: Westminster Press, 1964), p. 182.

<sup>5</sup> C. S. Lewis, *Reflections on the Psalms* (New York: Harcourt Brace Jovanovich, 1958), pp. 112, 113.

<sup>6</sup> Perry G. Downs, *Teaching for Spiritual Growth: An Introduction to Christian Education* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 1990), p. 13.

<sup>7</sup> Thom and Joani Schultz, *Why Nobody Learns Much of Anything at Church: And How to Fix It* (Loveland, Colo.: Group Publishing, 1993), p. 54.

<sup>8</sup> *Counsels on Sabbath School Work*, p. 116.

<sup>9</sup> Ronald Habermas and Klaus Issler, *Teaching for Reconciliation* (Grand Rapids, Mich.: Baker Books, 1992), p. 137.

<sup>10</sup> John W. Gardner, *No Easy Victories* (New York: Harper and Row, 1968), p. 68.

<sup>11</sup> Elaine Weinmann and Peter Lourekas, *Illustrator for Macintosh and Windows* (Berkeley, Calif.: Peachpit Press, 1997), p. 85.

<sup>12</sup> *Church Ministries Curriculum Plan and Frameworks*, p. 29, 30.

<sup>13</sup> *Counsels on Sabbath School Work*, p. 115.

<sup>14</sup> Charles H. Betz, *Teaching Techniques for the Adult Sabbath School* (Westlake Village, Calif.: Pacific

IOUM-SEKOLY SABATA (Pasteur Heriniaina Randriamanantena)

Union Sabbath School Department, 1980), p. 78.

<sup>15</sup> *Counsels on Sabbath School Work*, p. 166.

<sup>16</sup> Marlene LeFever, *Creative Teaching Methods* (Elgin, Ill.: David C. Cook Publishing Co., 1985), pp. 224, 225.

<sup>17</sup> Kenneth O. Gangel and Howard G. Hendricks, *The Christian Educator's Handbook on Teaching* (Grand Rapids, Mich.: Baker Books, 1988).

<sup>18</sup> Fritz Guy, *Thinking Theologically: Adventist Christianity and the Interpretation of Faith* (Berrien Springs, Mich.: Andrews University Press, 1999), p. 135.

<sup>19</sup> Leonard Sweet, *Learn to Dance the Salsa* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2000), p. 10.

<sup>20</sup> William Barclay, *New Testament Words*, ibid., p. 182.

<sup>21</sup> George MacDonald, *Discovering the Character of God* (Minneapolis: Bethany House Publishers, 1989), p. 5.

<sup>22</sup> Ronald A. Sarno, *Using the Media in Religious Education* (Birmingham, Ala.: Religious Education Press, 1987), pp. 12, 13.

<sup>23</sup> Leonard Sweet, *Aqua Church* (Loveland, Colo.: Group Publishing, 1999), p. 21.

<sup>24</sup> Gilles Deleuze, *Difference and Repetition*, trans. Paul Patton (New York: Columbia University Press, 1994), p. 23.